## Morondava
# Fifohazana FJKM miisa 15000 any ho any, hiatrika fihaonambe 3


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 11 septambra 2018 Laharana 812 Vidiny : 400 Ar


**Matio 3: 4** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 09 septambra 2018


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


## Ravalo N°25 tao Antanifotsy 2

# Haka fahefana amin'ny fifidianana...




## Ambohipo 6

# Trano 2, fiara 6 moto 105 no may



### FILOHA RAVALOMANANA MIVADY 3

Nitondra izay voatsirambin' ny tanàna ho an'ireo niharan-doza teny Mahamasina



### Maevatanana 7

Mpitrandraka volamena 2 maty, 7 tsy nahatsiaro tena

### Tojo Andriampeno 3

Mbola tsy nahazoam-baovao ny fakana an-keriny azy

### TIM Boriborintany faha-6 2

Miray hina hampandresy ny filoha Marc Ravalomanana

### Daka kely

Misitri-belona sahady ve ry Boaikely a !

### CAN 2019 any Cameroun 6

Samy manana isa 4 ny Barea sy i Sénégal



RAVALO N°25 TAO ANTANIFOTSY

## Haka fahefana amin'ny fifidianana fa tsy amin'ny basy

Ny mponina tao amin'ny distrikan' Antanifotsy, faritra Vakinankaratra indray no nihaona sy nitafa tamin'ny filoha kandida N°25 Marc Ravalomanana omaly. Vory lanona ireto farany na tampoka aza ny fandalovan'i Dada tao an-toerana. Mamparary ny mponina any amin'ny distrikan'Antanifotsy ny lafiny tsy fandriampahalemana, tsy maintsy jerena io hoy ny filoha Marc Ravalomanana satria mampitondra faisana ny vahoaka. Efa eto aho hoy Dada fa aza matahotra intsony ianareo e! Marobe hoy izy ny basy tsy hita tamin'ny fanonganam-panjakàna tamin'ny taona 2009, nanomboka io taona io vao tena nirongatra ny tsy fandriampahalemana teto Madagasikara. Namafisin'ny filoha Marc Ravalomanana tamin'ny



*Ny fahatongavan-dRavalo tao Antanifotsy.*

lahateny nataony fa amin'ny alalan'ny fifidianana ara-demokratika no hangalàna ny fahefana fa tsy amin'ny fanonganam-panjakàna sy ny basy velively. Io fanonganam-pnjakàna io no nampidikizo ny firenena toy izao. Ankoatra izay, hiady amin'ny kolikoly isika satria fanetriben'ny firenena io, eo ihany koa ny fijerena ny lafiny fanabeazana. Efa nanana ny toerany ny mpampianatra talohan' ny fanonganam-panjakàna teto, ny mpianatra nahazo aron'akanjo sy Kit 'scolaire, amin'izao, aiza izany ? mahareta ianareo mpampianatra fa efa eto Dada hoy izy!

***Helisoa***

Ambatondrazaka

## Matanjaka ny mpomba an'i Dada N°25

Azo lazaina fa samy efa ao anatin'ny fitetezana ireo kaominina ambanivohitra avokoa ny ankamaroan'ireo lohandohany ara-politika amin'izao fotoana izao. Miezaka ny mandresy lahatra ny mpifidy sy mametraka ny paik'ady ho entina amin' ny hampandaniana ny kandidàny no tena anton'izany. Ankoatra izay anefa, efa nisy ireo izay nangalatra fiandohana teo amin'ny fampielezan-kevitra indrindra fa ireo izay matahotra ny tsy hahazo vato. Hatreto, mbola matanjaka ny mpanohana an'i Dada raha ny aty Alaotra no jerena. Porofon'izany ny



*Tsy misy miala amin'i Dada ny any Ambatondrazaka.*

fahitana ny fahazotoan' ny olona mihaino ny fanazavan-kevitra rehefa miresaka mahakasika ny laharana faha-25 sy ny zava-bitany ary ny mbola ho ataony. Betsaka ireo izay efa maniry mafy ny hananganana haingana ny komity mpikarakara ny fifidianana indrindra ny sehatry ny fampielezan-kevitra eny anivon'ny fokontany amin'izao fotoana izao. Ireo izay miresaka dia tsy misy hafa tsy ny hoe i Dada irery ihany no afaka manarina ny fiainam-bahoaka izay tena latsaka an-katerena tanteraka na eo amin'ny ara-tsosialy na ny fandriampahalemana. Taratra ihany koa fa efa mifampisarika ny mpanohana ireo milaza azy ho antoko lehibe, ka ny avy atsy amin'ny ilany rehefa tsy nahazo ranondranony no mifindra ao amin'ny andaniny. Eo ihany koa ny resa-bola izay efa zary lasa latsaka anatin'ny sasany rehefa tonga ny fampielezankevitra.

***Raoul***

TIM Boriborintany faha 6

## Miray hina hampandresy ny filoha Marc Ravalomanana

Efa miomana amin'ny fifidianana hampandaniana ny filoha Marc Ravalomanana N° 25 ho filohampirenena ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ao amin'ny boriborintany faha 6. Ho fanomanana izany dia nanao hetsika fitadiavam-bola tao amin'ny Akany Soafonenako teny Mandrosoa Ivato ny Tiako i Madagasikara ao amin'ity boriborintany ity ny faran'ny herinandro teo. Tao anatin'izany indrindra no niditra mivantana tamin'ny alalan'ny antso an-tarobia ny filoha Marc Ravalomanana namporisika sy nampahery ny mpikatroka ao boriborintany faha 6 tamin'ny ezaka nataon'izy ireo. Ny antony nanao-



vana ny hetsika araka ny nambaran'ny mpikarakara dia mila fitaovana sy olona ny antoko amin' izao ankatoky ny fifidianana izao. Tsy maintsy misy ny mambra ao amin'ny biraom-pifidianana sns…, ka tsy maintsy miomana amin'izany isika hoy izy ireo. Ny niara-niasa nahatontosa ny hetsika dia ny lehibe ara-politika ao amin'ny boriborintany faha 6 sy ny tale mpiara-miasa taminy voafidy tao Maitsoririnina Antanimena, ny mpanolotsaina, ny DIS-TIM, ary ny mpitambola sy mpitantsoratry ny fokontany ao amin'ny boriborintany faha 6. Tao anatin'ny fiaraha-misakafo dia nisy ny fisarihana loka goavana maro, ka ray amandreny iray no nahazo ny loka tapakila Tana-Nosibe-Tana. Ny mpikarakara ny hetsika dia naneho fisaorana ny orin'asa rehetra nifarimbona tamin' ny hetsika fitadiavam-bola nataon'ny Tiako i Madagasikara ao amin' ny boriborintany faha 6 sy ny Diary Mozika nanafàna ny lanonana tamin'izany. Tsara ny manamarika fa tsy mijanona amin'izao ny hetsika fa mbola hitohy hampandaniana ny kandida Marc Ravalomanana filoha mpanorina ny antoko TIM.

***Helisoa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fomba fiasa teto ny fanaovana an-tsirambina andraikitra

Rahoviana vao hitsahatra ny fomba fiasa ratsy nampiharina sy novolena teto amin'ny firenena tao anatin'ny taona maro izay ? Fanontaniana tonga an-tsaina io raha nahita ny zava-nisy nampalahelo sady nahasorena nitranga teny Mahamasina ny Alahady lasa teo, nialoha ny lalao baolina kitra nifandonan'ny ekipam-pirenena Malagasy sy ny ekipam-pirenena senegaley. Samy nanana ny fijeriny sy ny heviny ny rehetra tamin'ny fahitany ny zava-nisy fa ny niombonankevitra dia ny an-tsirambina sy an-tandrevaka tanteraka nataon'ny tomponandraikitra mpikarakara. Raha tany ivelany no nitrangan'ireny dia tsy niandry ela ny tomponandraikitra voalohany nametra-pialàna sy nanao fialan-tsiny fa diso. Izay eo ihany, fa ny hevitra mirongatra ao an-tsaina avy hatrany dia ny fomba fiasa eto amin'ity firenena ity, miainga any amin'ny mpitondra mpanatanteraka rehetra. Tsy nisy ary tsy fahita mihitsy teto ny amin'izay fibanjinana zavatra lavitra sy ny fisorohana izay mety hitranga samihafa. Efa midona ny zavatra iray vao mikoropaka hatrany ny tomponandraikitra voakasika mivantana. Niaraha-nahita izany tamin'ireo loza maro niseho teo amin'ny sehatry ny fifamoivoizana, ka raha tsy efa goavana sy nifanesisesy izany vao mody mikoropaka sy mandray andraikitra ny tomponandraikitra sy ny fitondrana. Teo ny loza nihàtra tamin'ny fihanaky ny valanaretina pesta izay tena nampisavorovoro tanteraka ny saim-bahoaka ary nanapotika ny sehatry fampianarana sy ny fihariana tamin'ny ankapobeny. Niseho izany vao mody mandray andraikitra ny ministera isan-tsokajiny voakasika akaiky. Ary tsy teo amin'ny loza nihàatra fa hatramin'ny vidim-bary niaka-bidy izaitsizy, ohatra, vao mody manao asa fidinana ifotony sy manao fandaminana tsy sazoka eo ny fitondrana. Maro ireo tranga nisehoan'izany fanaovana an-tsirambina ny fitantanam-pirenena izany teto amin'ny firenena, ary niharihary tsara izany tao anaty fitondrana Rajaonarimampianina. Efa midona ny zavatra iray vao mandray fepetra sy mamaha olana. "Omby tondro tsy taitra, omby loha vao mikoropaka", hoy fitenenana, ary fomba fiasan'ny fitondrana izany hatramin'izay naha teo azy izao. Amin'izay indray aza toa fotoana tsy maharitra akory ny fandraisana fepetra sy fanaraha-maso atao dia matoritory indray avy eo ny tomponandraikitra rehetra dia miverina ny baranahiny. Fahita teto izany fa tsy foronina, ary nitranga teo amin'ny sehatra maro samihafa. Ity tamin'ny Alahady ity izao no tranga vaovao farany, dia mody hisy fandraisana fepetra indray izao eo, iaraha-mahita eo. F'izany rehetra izany dia fomba fiasa nampiharina teto amin'ny firenena teto tao anatin'izao fitondrana izao. Tsy natao ho mahagaga satria iaraha-mahalala fa olona tsy nivonona ary tsy natao hitondra firenena ny ankamaroan'izy ireo eo amin'io fitondrana io, hatrany am-piandohana ka mandraka ankehitriny. Fa raha olona tena natao hitondra marina efa nisy fiovàna goavana teto amin'ity firenena ity tao anatin'izay dimy taona izay.

***Sôh'son***


**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Mahandry R**

Tojo Andriampeno

## Mbola tsy nahazoam-baovao ny fakana an-keriny azy

Nahitana fakana an-keriny indray ny faran'ny herinandro teo, teto amintsika. Anisan'ny nisy naka an-keriny tamin'izany i Tojo Andriampeno. Hatramin'izao, tsy mbola nandrenesam-baovao ny momba any kidnapping nataon'ny sasany an'i Tojo Andriampeno, zanak'i David Andriampeno, filohan'ny Vaomiera misahana ny ZES, na ny faritra ara-toekarena manokana. Tamin'ny zoma teo no nisy naka an-keriny izy, izay



*Tojo Andriampeno, nisy naka an-keriny ny zoma teo.*

mpianatra ho mpanamory fiaramanidina ny tovolahy. Raha ny fanadihadiana dia misy resaka tsy milamina ny momba ny fanomezana ireny faritra ara-toekarena manokana ireny, matoa nisy naka an-keriny toy izao ny anisan'ny tompon'andraikitra voalohany misahana izany. Raha ny fantatra, vola amina miliara Ariary maro no mihodina amin'ny fanomezana mpandraharaha an'ireny ZES ireny, na mpandraharaha avy eto an-toerana io, indrindra ny avy any ivelany, ka mahatonga izao kidnapping miseho lany izao.

**_Ny Valosoa_**

Boriborintany faha 5 (CUA)

## Nanome "Faradoboka" ho an'ireo mpanala fanadinana Bacc

Araka ny toromariky ny ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana amin'ny fitsinjovana ny ankizy mpianatra dia nikarakara "Cours faradoboka" ho an'ireo tanora mpianatra, hanala fanadinana bakalorea, mandritr a ny 5 Andro ny avy ao Boriboritany fahadimy, kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), sy ny mpiara-miombon'antoka aminy ny Cours Ma-Afaka. Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy omaly 10 Septambra 2018 ny fiarana. Izany dia natomboka tamin'ny fihaonana



teo amin'ireo mpianatra sy mpampianatra nandaminana ny fandaharampotoana. Nanotrona ny fanokafana ny 'faradoboka Bacc tamin'io fotoana io ny delegen'ny Boriboritany faha 5, Rakoto Emmanuel Richard sy ireo mpiara-miasa aminy. Marihina fa ny fampianarana dia natao ho an'ireo sokajy rehetra, ary ahitana ny taranja rehetra. Ny fandaharampotoana dia ny Alatsinainy, Talata, Alarobia, amin'ny 8 ora – 11 ora, ary 01ora30 – 4ora, ny Alakamisy indray dia manomboka amin'ny 01 ora30 ary ny Zoma 8ora – 11 ora30. Ny toerana ianarana dia ao amin'ny birao eo anivon'ny Boriboritany faha 5 ihany. Marihina fa maimaimpoana ny fampianarana araka ny toromariky ny ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana hatrany.

**_Helisoa_**

Morondava

## Fifohazana FJKM miisa 15000 any ho any, hiatrika fihaonambe

Azo lazaina ho mihetsiketsika avokoa tato ho ato ireo sampana isankarazany ao anivon'ny fiangon'i Jesoa Kristy eto Madagasikara, na ny FJKM. Tao aorian'ny fihaonamben'ireo lahika FJKM tany amin'ny faritra maro saamihafa teto amin'ny Nosy. Mpizaika miisa 15000 any ho any ka hatramin'ny 20000 no andrasana hiatrika ny fihaonamben'ny ny Fifohazana manerana an'i Madagasikara, izay hatao any Morondava, renivohitry ny faritra Me-



nabe, hanomboka anio 11 septambra ka tsy hifarana raha tsy ny 14 sept 2018 ho avy izao. Noho ny fanohanana ny taon'ny tompon'andraikitra any amin'ny faritra Menabe, mankasitraka izany ny fiangonana: mankasitraka ireo solontenam-panjakana any an-toerana nanampy ary ny kaomina sy ny fiangonana katolika any Morondava nanome ny Akanin'ny Ankizy hanaovana ny fanokafana anio. Hiatrika izany any an-toerana, ireo avy amin'ny birao foiben'ny fiangonana FJKM, hiatrika izany koa ny filoha Marc Ravalomanana, filohan'ny komitin'ny jobily faha-50 taonan'ny FJKM sy ny faha-200 taona nidiran'ny misionera LMS teto amintsika.

**_Isambilo_**

Antsirabe II

## Nahazo tranon-tsena vaovao ny ao Ambohitsimanova

Kaominina iray isan'ny nosokajiana ho marefo indrindra teto Vakinankaratra hatrizay ny kaominina Ambohitsimanova Antsirabe II. Mihoitra anefa izy izao ary mandeha ny fanorenana fotodrafitrasa maro, toy ny fahazoany tranon-tsena vaovao ao Antsongombato. Efa nisy ihany ny tsena isaky ny zoma tao amin'ity tanànan'Antsongombato Ambohitsimanova ity, saingy tsizarizary izany ka antony tsy nahavelona tsara io tsena io hatramin'izay, nefa dia tokony ho andry goavana sy hanainga ny fampandrosoana any amin'itty kaominina ity, raha ny fanazavana. Raha ny nambaran'ny ben'ny tanàna ao Ambohitsimanova, dia avy amin'ny alalan'ny FDL no nahazoan'izy ireo ny ampahany nahafahana nanangana ity tranontsena Imiisa 4 ity, saingy teo ksoa ny anjaran'ny kaominina sy ny fokonolona mpahazo tombotsoa. Mitentina 18 tapitrisa ariary any no hahafahana manangana ny asa izay efa mandeha amin'izao fotoana ziao. Ankoatry ny kaominina Ambohitsimanova, dia notsindrian'ny ben'ny tanànana any an-toerana koa, fa mampiasa io tsena io avokoa ny kaominina Manodidina, toy ny ao Ambohidranandriana, Ambohimiarivo sy MAnandona aza. Topmbony goavana ho an'ny fampivoarana ny lafiny toekarena any an-toerana arak'izany ny fahazoana ireo tranon-tsena miisa 4 ireo, ary hampivoatra koa na ny mponina any aza amin'ny fifaneraseran'ny olona sy ny vokatra amin'ity fotodrafitrasa vaovao ity.

**_Solohery_**

## NY TENY FIAINANA



***Kolosiana 3:3***
*Fa efa maty hianareo, ary ny fiainanareo miara-miafina amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Nitondra izay voatsirambin'ny tanàna ho an'ireo niharan-doza teny Mahamasina ny Filoha Ravalomanana mivady



**Odette Lisinirina :** MANKASITRAKA an'i Dada sy Neny nitondra izay voatsirambin'ny tanana ho an'ny fianakavian'ny namoy ny ainy teny Mahamasina, sy ho an'ireo naratra vokatry ny fifanosehana tany Mahamasina izany. Manana ray aman-dreny toa an'i Dada sy Neny tokoa ny vahoaka.

**Menja Narivelo :** mankasitraka ny filoha Marc Ravalomanana N°25, hafa ihany i Dada sy Neny dia ray aman-drenin'ny Malagasy rehetra.

**Sahondra Hanitra Andrianasolo :** izany ka Ray amandreny, manao ny adidiny amin'ny vahoaka foana.

**Ratsimbazafy Boaza :** filoha ts mitsoaka adidy,, mankasitraka tpk. Tsiahivina ihany fa N°25 izy rehefa tonga ilay fotoana afaka 2 volana e!

**Lila Herisoa :** misotra dada a !misotra neny a ! mijery ny madinika tokoa ianareo, tena ray amandrenin'Antananarivo sy i Madagasikara marina.

**Noro Ramiarinarivo :** mankasitraka ny laharana faha-25 e, manao adidy hatrany amin'ny vahoaka rehetra tsy ankanavaka.

**Gérard Zafihery :** tena ray aman-drenin'olo jiaby, merci pour le candidat N°25.

**Bernard Ravelonjatovo :** hafa ihany ny tena ray aman-dreny toa ny Filoha Marc Ravalomanana mivady. Akaiky ny vahoaka rehetra hatrany na amin'ny soa na amin'ny ratsy.

**Nestor Ramaniraka:** ok N°25, izy avao ny antsika. Mijery olo jiaby.

**Thérèse Andriantsoa:** mankasitraka foana an'I Dada sy Neny, izany ka tena ray aman-dreny, tsy mitsoaka adidy amin'ny vahoaka rehetra.

**Nancy Rabefitiavana:** hafa ihany ny kandidà N°25 e! tena miara-mihosina amin'ny rehetra hatrany.

## TONONKALO

### Fa taiza foana i Sakabe ?

Hay teo foana i Sakabe nandritr'izay fotoana izay !
Dia mba nandini-tena ve no toa tsy henohenonay ?
Nijerijery ny asa vita mba iarahana mitsara ?
Ontsa anefa ireo mahita sakabe tsy valahara !

Hay teo foana i Sakabe nandritr'izay fotoana izay !
Kanefa indrisy toa tsy re , nimpirimpirina fa fay ?
Nafanafana angaha ny tolona ka nisinda kely aloha
Sa nahatsiaro ho menatra olona ka `zao vao tazana nifoha ?

Hay teo foana i Sakabe nandritr'izay fotoana izay ?
Noheverinay fa maty anie kinanjo izao toa io indray ?
Raha ao anaty fahanterana no "omeo, omeo" no tanisaina,
Aoka hasiana fiheverana f' efa ny "miverin-tsaina".

Hay teo foana i Sakabe nandinika `zay hotohanana ?
Dia nipoitra indray fa hoe antomotra ny fifidianana ?
Mahonena , mahavàka ny misaina ny tantarany.
Izao ilay "mifanahin-tsaka" , "omeo omeo" hatramin`ny farany!

**_DADAN'i ZINA (04-09-18)_**

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny fiaraha-mikorana nataon'ny TIM Boriborintany faha-6 teny amin'ny Akany Soafonenako Ivato.**









VFTV VAKINANKARATRA

## Miisa 2250 ireo tantsaha mpikambana

Tantsaha mivondrona ao anatin'ny VFTV na ny "Vovonan'ny Fikambanan'ny Tantsaha eto Vakinankaratra" no nanao ny tatitra ny zava-bita nandritra ny taona 2017 tetsy amin'ny birao foiben'ny Fifata eto Anstirabesy ny vinavin' asa ny taona 2018. Fahombiazana no azo hamintinana ny taona 2017 fantar'izany ny zoma tolakandro teo no nofaranana ity fivoriam-be fanaon'izy ireo ity isantaona ka tonga namarana izany ny teny antoerana ny tale miadidy ny fampandrosoana eto anivon'ny Faritra Vakinankaratra Andriamatoa Rakotoarivelo Rivo. Maro ny lahadinika nifampizarana nandritra ny fivoriana ka anisan'izany ny tafitra ny fiainam-pikambanana, ny tatitra ny asa vita nandritra ny taona 2017, ary vinavin'asa 2018. Amin'izao fotoana izao dia efa maro ireo tantsaha mpikambana miditra ao anatin'ny VFTV ka miisa 2250 izy ireo,izay misandrahaka ao anatin'ny distrika maro eto amin'ny Faritra toan'ny distrika Mandoto, Betafo, Antsirabe I sy II ary Faratsiho. Misehatra anatin'ny fambolena sy Fiompiana ireto mpikambana ireto ka anisan'ny tena himasoana ny fambolena Ovy izay mampiavaka ny Faritra izay ahitana fikambanana 25, raha 4 ny ao amin'ny seham-pihariana ny paoma, 37 ny seham-pahariana akoho gasy ary 13 ny seham-pihariana trondro tsy hay hadinoana hoy hatrany ny filohan'ny fikambanana ny fambolena vary. Ny tanjona hoy hatrany ity farany dia fanatsarana ny masomboly ho tsara kalitao. Raha ny fantatra dia tsy mijanona hoan'ny Faritra Vakinankaratra fotsiny ny vokatra fa mamatsy an'i Madagasikara ihany koa ka isan'izany orinasa lehibe iray eto Madagasikara izay vatsiana ovy, ny orinasa manodidina ny paoma ho lasa "jus naturel". Raha hoan'ny vina ny taona 2018 kosa indray dia ny fanatsarana ny fomba fitantanana, ny fanitarana ny fikambanana any amin'ny kaominina hafa akoatra ireo efa misy. Araka ny fanazavana hatrany dia tsy natao hamidy avokoa ireo vokatra vokarin'ireo tantsaha ireto, misy ny atao sakafo ka mizara roa mazava tsara araka izany vokatra.

*Lezama*

## Sakafo Ny Valosoa



**Laoka tsy misy hena ihany no Sakafo eto amin'ny** gazetinao androany: ravitoto sy voanjo, tsara raha hasiana ro matsatso amin'ny anana miaraka aminy. Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny soja sy ny vokatsoa entiny amin'ny fahasalamana

Efa imbetsaka angamba isika nahare fa betsaka ny vokatsoa entin'ny ny soja eo amin'ny fahasalamana noho ny fisian'ny singa "isoflavones" ao anatiny. Ampahafantarina antsika ary fa tsara ny fihinanana azy ity iadiana amin'ny hatavezana be loatra, iadiana amin'ny aretin'ny taolana, tsara ho an'ny vehivavy mitsaha-potoana ihany koa. Ankoatra izay dia fantatra ihany koa fa miaro amin'ny homamiadana ary manampy amin'ny fampidinana ny tahan'ny cholestérol ao amin'ny vatatsika izy. Raha hiady amin'ny fiakaran'ny tahan'ny cholestérol dia tsara ny mihinana eo amin'ny 18 ka hatramin'ny 30g isan'andro eo farafahakeliny araka ny fikarohana nataon'ireo siantifika. Rehefa mihinana azy dia tsy voatery hoe misotro ronono soja iray vera lehibe ny maraina fa tsara kokoa ary mandaitra kokoa izy raha tsinjaraina mandritra ny tontolo andro ny fisotroana azy. Maro ny karazana sakafo vita amin'ny soja ka ao ny ronono, ny yaourt, ny fromazy sy ny desera isan-karazany azo hanoloana ny ronono ihany koa. Raha araka ny fikarohan'ireo siantifika hatrany dia sakafo tena tsara atao naman'ny vehivavy ny soja satria dia miady amin'ny homamiadan'ny vozon'ny tranon-jaza ny fihinanana azy maharitra.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Vohemara any amin'ny faritra Sava

Ny tanànan'i Vohemara na Iharana any amin'ny faritra Sava indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. 10 m miohatra amin'ny ranomasina ny haavon'ity tanàna ity. Kaominina andrenivohitra ny tanànan'i Vohemara, izay any amin'ny faritra avaratra atsinanan'i Madagasikara iny. Manana seranan-tsambo ity tanàna ity. Ny lalampirenena faha-5 A no mankany avy any Ambilobe.



**Matio 3: 4**

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 09 septambra 2018

***Matio 3: 4 " Ary ny fitafian'izany Jaona izany dia lamba volon-drameva, ary fehikibo hoditra no tamin'ny valahany; ary ny fihinany dia valala sy tantely remby."***

Ry mpihaino sy mpamaky izao hafatra izao, mba fantatrao? Mba fantatrareo? Ny tantely no nalaiko ho ohatra ny amin'ny FIAINANAREO amin'ny asa, amin'ny fiombonana, amin'ny fifankatiavana, amin'ny firaisan-tsaina. Asa aloha raha mba fantatrao fa io karazana zavamaniry tetezin'ny tantely io dia misy aina na tsiro raisiny ao amin'ny vatany ao, io no mivadika ho mamy izay ambaranareo hoe : "TANTELY". Ireo zavamaniry nataoko ireo mantsy dia fanafody ary natao ho "BALISAMA" hanasitrana ny zanak'olombelona. Angamba tsy hadinonao ny "HAFATRA lah. 48-02" Hoy AHO JEHOVAH tamin'izay, ***Genesisy 1: 29*** *"Ary IZAHO JEHOVAH nanao hoe: Indro, efa nomeko anareo ny anana manintsam-boa rehetra izay ambonin'ny tany rehetra ary ny hazo rehetra izay misy voa sady manintsam-boa; dia ho fihinana ho anareo ireny."*Anana sy voankazo, mahereza mihinana ireny fa fanafody fa tsy haingitraingitra, ***Genesisy 2: 9***". Ary nampaniriako JEHOVAH teo amin'ny tany ny hazo rehetra izay maha te-hizaha sady tsara ho fihinana. Ao an'ala ao dia misy hazo isan-karazany mety tsy misy voany fa ny felany izay iasan'ny tantely. Ireny dia aina mivoaka avy amin'ny fakany, ny raviny sy ny tahony, ao koa ny voninkazo. Voarain'ny tantely ireny ka izany no mivadika ho tantely. Tsy hainareo faritana na tombanana izany fa heriko sy asan'ny tanako. Mampianatra anareo AHO JEHOVAH, mihinanà tantely fa fanafody ireny. Dia hisy indray hiteny hoe fa aiza JESOSY? Aza hadino fa IZY koa nihinana anana, voankazo, tantely ary nisotro ronono. Nisy fotoana rehefa vita avokoa ny zava-drehetra fa afa-po AHO JEHOVAH dia nankeo amin'I ADAMA AHO nampianatra azy ny antom-pisian'ny zava-maniry anankiray sy ny asany ary ny dikany ka dia ela velona ny olona sady salama fa ankehitriny toa zava-mampatahotra anareo ny zavamaniry, ***Genesisy 2: 18***. Mamonjy sy mamelona izany ny zava-manan'aina rehetra, toy izany koa ny rano. Mba fantatrao? Jereo ny rameva fa ny rano izay tehirizina ao aminy dia tandindon'ny BATISAN'NY RANO, nalaina ohatra tamin'i Jaona ny rameva. Etsy ange ianareo e, vakio izao zava-miafina izao : mitovy hoy AHO ny asan'i JESOSY sy JAONA samy FAMONJENA ka tsy tokony hisy atao ambanin-javatra na atao kitoatoa ny FAMNONJENA vitan'izy ireo. Raha ny an'i JESOSY ihany no ekenao dia tsy ampy, raha ny an'i JAONA ihany koa dia banga. JESOSY nateraky ny virjiny ary i JAONA naterak'I Elizabeta izay vavy antitra efa nitsaha-potoambehivavy sy efa natao hoe momba. Enim-bolana no elanelan'ny vohoka nentin'izy ireo, ***Malakia 3: 1*** *"Indro, haniraka ny irako Aho, ary izy hanamboatra lalana eo alohako; ary ny Tompo Izay tadiavinareo dia ho avy tampoka ho eo an-tempoliny; ary ny Anjelin*'ny fanekena Izay irinareo, dia, indro, tamy Izy, hoy Jehovah, Tompon'ny maro"*. I JAONA no nialoha an'i JESOSY hatrany am-bohoka. Misy dikany izany. JESOSY izany tsy tonga amin'izao fa misy famantarana hatrany mialoha AZY. Teo amin'ny fiandohan'ny vohoka teo amin'ny virjiny dia i JAONA no famantarana tao ambohoka ihany koa. I Maria dia nitoetra 3 volana tao an-tranon'i Elizabeta, ***Lioka 1: 56***. Ny dikan'izany dia ny mba hisy fifandraisana amin'ny alalan'ny Fanahy Masina tsy tapaka teo amin'izy ireo, dia ny zaza roa samy tao am-bohoka. Miandry ny asam-pamonjena izay samy nambaran'ny anjely momba ireo ZAZA ireo ny olona, ***Lioka 1: 8-25, Lioka 1: 26-38***. Ny zaza rehetra napetrako ao am-bohoka dia misy dikany sy antony avokoa. Andraso sy arovy ary kolokoloy tsara ny zaza ao am-bohoka fa tsy fantatrao ny antom-pisiany. IZAHO JEHOVAH Izay namorona ny zaza ka mahay izany sy mametraka ny zaza ao amin'ny toerany no faly voalohany indrindra noho ianareo. Faly AHO raha teraka soa aman-tsara ny zaza, avy hatrany dia misy boky anoratana azy raha vao mitsaika fotsiny izy. Ny HERIKO, ny TENIKO, ny FAHEFAKO ary ny FANAHIKO no maha- olona, ka tandremo fa raha avy aminareo olombelona no mahafaty ny zaza am-bohoka na eo amin'ny fahavelomany, hein!!! Aza hadino fa anadinako anareo izany amin'ny fotoam-PITSARANA, maha-tezitra AHY ny toy izany sady mampalahelo ny FANAHIKO ka tandremo tsara. Efa mba nisaina izany ve ianareo olombelona, miverena amin'ny FAHAMARINAKO sady mitaky FIBEBAHANA koa izany. Rehefa teraka i JAONA dia faly ny havany rehetra ka samy nanome anarana ho an'ny zaza, ary indro fa efa saika nataony hoe Zakaria tahaka ny anaran'ny rainy, fa hoy i Elizabeta : JAONA no atao anarany, Lioka 1: 60. JAONA dia midika hoe IRAKA, manambara fibebahana sy fiverenana amin'ny FAHAMARINANA ho famelan-keloka ho an'izao tontolo izao, Lioka 1: 76-80 *"Ary ianao, ry zaza, dia hatao hoe mpaminanin'ny Avo Indrindra; Fa hialoha eo anatrehan'ny Tompo ianao hamboatra ny lalany. Hanome ny olony ny fahalalam-pamonjena amin'ny famelana ny helony, Noho ny halehiben'ny famindrampon'i Jehovah Andriamanitsika, izay hiposahan'ny mazava avy any amin'ny avo ho antsika. Hamirapiratra amin'izay mipetraka ao amin'ny maizina sy ao amin'ny aloky ny fahafatesana, Hanitsy ny diantsika ho amin'ny lalam-piadanana. Ary ny zazakely nitombo ka nihahery tam-panahy; ary nitoetra tany an-efitra izy ambara-pahatongan'ny andro nisehoany tamin'ny Isiraely"*.
Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

(mbola hitohy)

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook :
Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao : mivoaka Talata sy Asabotsy

## TAFATAFA

**Fitsidihana ataon-dRavalo**

# Ny artista eo an-toerana ihany no ampiasainy

***Fanehoen-kevitr'i Raniry, mpanoratra sy mpanakanto any Mahajanga indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany :***



Nahafinaritra ny fihaonana tamin'i Dada tatỳ Mahajanga hoy izy tamin'ny Zoma hariva lasa teo. Tsotra kanefa tena nanana ny maha izy azy ny fikarakarana sy ny fanomanana rehetra. Tonga maro dia maro ny olona na dia mbola ora fiasana aza no nanatanterahana an'izany. Ny tena nampiavaka sy nampisongadina tanteraka azy dia olona resy lahatra sy efa tena vonona hampandany an'i Dada avokoa no tonga namaly ny antso fa tsy toy ny an'ny sasany izay tambazana vola sy ampiasana "artiste" goavana maro. Hafa ihany ny olon'i Dada e! Tsy sanatria manambany sy manavaka ireo Malagasy hafa namana fa tena misongadina hatrany ny mpomba sy mpanohana an'i Dada na fitondran-tena izany na fihetsika na fomba amam-panao amampiteny. Hafa ihany i Dada! Tsy nitondra mpanakanto ngezalahy sy ngezavavy avy any ivelany izy fa ny mpanakanto teto an-toerana ihany no nantsoiny sy nasandrany. Tena manome hery lehibe ho anay mpanakanto tokoa izany, ary misolo tena ireo rahalahy "artiste" eto Mahajanga ny tenako no mitondra ny teny fisaorana ho an'ny mpikarakara; indrindra ny filohan'ny DISTIM eto Mahajanga Andriamatoa RAKOTOVAO Roger Yvon. Afapo izahay "artiste" fa nasongadin'i Dada manokana mihitsy ary tena nanome toky izy fa ny mpanankato avy eo an-toerana ihany no ampiasainy rehefa manao fitsidihana izy mandritra ny fampielezankevitra. Raha vazo mitovy ihany tokoa moa nahoana no hita rano? Raha sery vitan'ny sakamalaho ihany, nahoana no hamonoana vantotr'akoho? Tahio ny an-tegna fa ny an'olo tsy omeny, izay no teny filamatra atỳ amoron-tsiraka andrefan'i Gasikara atỳ. Tsara ny an'ny hafa fa ny an'ny tena tsy atakalo e! Misaotra ny zoky be Herman, Rira, Momosy ary ny zandry Hery Signature izay mandrafitra ny groupe Samy Jao, miaraka amin'ireo musicien rehetra izay niaranisalahy tamin'ny fanentanana iny fahatongavan'i Dada iny. Namadika pejy vaovao ho antsika mpanakanto eto Mahajanga iny fandalovan'i Dada iny. Izahay "groupe Ni" moa dia mbola mamerimberina ny fialan-tsiny ihany satria tsy teto an-toerana ny ankamaroan'ny ekipa dia tsy afaka niakatsehatra izahay. Ny fo amam-panahy dia tena efa vonto fanohanana an'i Dada tokoa ary manome toky izahay fa amin'ny fampielezan-kevitra dia hanolotra kanto sady mahafinaritra ho antsika izahay ekipa rehetra "grand complet", ny hira ho an'i Dada rahateo efa vonona ato sady tena mbola manitra tsara. Izay ny amin'ny fa raha fehezina ny fiarahana tamin'i Dada dia tena namelombelona indray ny fanantenana ho an'ny vahoaka Malagasy tsy fidin-tsy havahana. Misy namana iray izay mba sendra tafaraka teo akaiky teo, ranamana io tsy mba olon'i Dada izany fahiny fa isan'ireo tratran'ny "fanatisme aveugle" tamin'ilay iraikalahy iny kinanjo noho ny nahita ny zava-nisy teo dia tena vaky vava mihitsy ny lehilahy. Mino aho fa maromaro ny toa azy. Ny an'i Dada anie tena hita miharihary mihitsy fa tsy misy fitaka fa tena entanim-pitiavana sy finiavana hanavotra marina tokoa ity firenena izay efa tena latsaka ankaterena tanteraka ity e! Tsotra, tsy mba be filirony kanefa tena mahababo tokoa. Raha atambatra ny fandaniana rehetra dia angamba ampaha-arivon'ny fandaniana ataon'ny sasany. Ny fitiavana tokoa tsy mba azo teren-ko masaka toa voalobojaza, ary izay mioty manta ihany no mora leo. Izay no antony ilazana ombieny ombieny fa hisy ho tapaka lalan-drà angamba amin'ity fifidianana indray mitoraka ity. Efa manantena mafy mantsy ny sasany fa ho lany amin'ny fihodinana voalohany, hono, kanefa rehefa tena atao ny fandinihana sy ny fanadihadiana ary ny famakafakana lalina dia mety tsy ho tafiditra akory amin'ny fihodinana faharoa. Atobaka ny vola mba hoentina ilazana fa mamim-bahoaka izy kanefa ny fitiavana tsy azo terena na dia dradradradraina isan'andro vaky aza. Tsy azo adinoina velively fa Andriamanitra no Fitiavana ka tsy mba azo fitahana sy atao kilalao. Manaraka izany dia iray volana katroka sisa dia hotanterahana eto Mahajanga ny JMJ MADA IX, izay hihaonan'ny tanora katôlika rehetra mielim-patrana manerana ny Nosy. Tena fety goavana tokoa io satria sady fampihaonana ireo tanora amin'ny lafy valon'ny Nosy no fanamafisana ny fandalinampinoana mba hanatonana an'Andriamanitra akaiky sy bebe kokoa hatrany. Efa vonona amin'ny ankapobeny ny fikarakarana rehetra, ny tanora koa antenaina fa efa samy vonona sy efa tsindrian-daona avokoa. Tanàna mahafinaritra i Mahajanga e! Mafana kanefa tena mahatamàna. Ny rivotra madio, ny tontolo iainana maha te-honina lalandava. Manantena ny fanjakana mba tena handray an-tanana tanteraka ny fitandroana ny fandriampahalemana, indrindra efa miara-dalana amin'io ihany koa ny fampielezan-kevitra. Ny mahery tsy maody, hono, tsy ela velona; aleo koa misoroka toy izay mitsabo. JMJ MADA IX feno fifaliana sy vonto finoana no antenaina koa mi-antso ny fifanomezan-tanantsika rehetra mba hahatontosa izany antsakany sy andavany ary ho tena eo ambany Sitrapon'Andriamanitra tanteraka. Ny JIRAMA koa tsy adino, hiasa mafy ianareo amin'io fotoana io koa efa mankahery sahady no mitondra ny fisaorana mialoha. Ndeha hoporofointsika jiaby fa tena hafa ihany i Mahajanga magnano raha e! Mba hipetraka ho tantara izao fandraisantsika fanindroany ny JMJ MADA izao. Teto Mahajanga no nanombohana azy, ary mbola eto ihany koa no hankalazana ny tsingerin-taona faharoapolony.

***Nangonin'Isambilo***

AMBOHIPO

# Trano 2, fiara 6 ary moto 105 no may



*Ireo fiara sy moto, kilan'ny afo teny Ambohipo.*

Ny alahady tamin'ny 12 ora 15 ora alina no naharay antso ny sampana mpamonjy voina teny Tsaralalana fa nitrangàna fahamaizana indray teny Ambohipo Boriboritany faha-2 eto amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), teo akaikin'ny fiantsonan'ny taxibe 129. Trano hazo fipetrahan'ny mpiambina mifanakaiky amin'ny parking no nahazoana antso fa nirehitra, kanjo afo nijoalajoala no hita rehefa tonga teny an-toerana ny mpamonjy voinan'ny CUA satria niitatra tamin'ireo moto sy fiara nipetraka teo an-toerana ny afo tamin' izany. Raha ny fanazavàn'ny kapiteny Randrianarisoa, tompon'andraikitra ao amin'ny sampana mpamonjy voina etsy Tsaralalana dia trano miisa 2, fiara 6 ary moto 105 no may kila forehitra tsy nisy azo noraisina intsony, ny fiara 6 no nandalovan'ny afo. Isaorana an'Andriamanitra kosa hoy izy fa tsy nisy ny naratra na aina nafoy satria tonga ara-potoana ny mpamonjy voina namehy ny afo izay nifandrombonan'ny mpamonjy voina etsy Tsaralalana sy Andravoahangy. 20 minitra dia voafehy tsy niitatra tamin'ireo trano sy fiara manodidina ny afo tamin'izany hoy ihany ny kapiteny Randrianarisoa.

***Helisoa***

Lanonam-pamadihana

# Rangahy iray maty daroka, trano iray may kila

Raha toa ka lanonam-pianakaviana no natao dia nivadika ho Fifaliana sy lanonana no nantenaina, fa dia loza no nihatra tamin'ny fianakaviana iray tao ami'nny tanànan'i Mahalavolona, fokontany Androvakely eto Antsirabe. Sendra ziay jiolahimboto sy mamondrongony ity raimpoianakaviana ity, ka hatramin'izao tsy mbola mahatsiaro tena tsaboina any amin'ny hopitaly. Ny ali'nny sabotsy hifoha omaly alahady, dia nisy ny lanonana famadihan-drazana nokarakaraion'ny fianakaviana iray tao ami'nio tanànan'i Mahalavolona io. Ny ali'nny sabotsy no nanatanterahana ny alim-pandihizana toy ny mahazatra amin'ny fety tahaka izao, ary omaly no nanaovana ny famokarana na dia teo aza io olana io. Tao anatin'ny fandihizana tao no nitranga ny sakoroka. Tsy fantatra izay nahazo ireto andian-jatovo izay tsy tompon-draharaha akory fa itony mpanenjika alim-pamadihana sy fety itony. Nilainy vaniny ilay raim-pianakaviana tompon'ny fety, ary tsy nisy alaharo avy eo fa nodarohan'izy ireo, izay tsy tena fantatra ny isany fa maro, raha ny fanazavan'ny havan'ilay naratra. Rotika tanteraka ny tavan'ilay rangahy, naratra sy voadona mafy ny lohany sy ny tany anatiny tany, vopkatry ny daroka nahazo azy. Hatramin'ny omaly nahazoana ny vaovao, dia mbola tsy mahatsiaro tena ary mivoa-drà avokoa ny orona sy vavan'ilay raim-pianakaviana io. Tsy vitan'izay, fa mbola nodoran'ireto andian-jatovo mahjery setra ireto koa ny trano iray tao an-tanàna. Vokany may kila tsy nisy noraisina koa io trano io. Nifanenjehan'ny fokonolona ihany ry zalahy ireo avy eo, saingy alina moa ny andro, ka tafaporitsaka daholo. Raha ny loharanom-baovao farany, dia efa eo am-pikarohana ireto andian-jatovo ireto ny mpitandro filaminana ary misy amlin'izy ireo no efa fantatry ny fianakaviana niharan'ny herisetra.

***Lezama***

Mpamonjy voina Tsaralalàna

# Nahazo fitaovana tamin'ny ONG Manda Life

Boky maromaro hoentina hanovozana sy hanatevenana ny fahalalan'ireo mpamonjy voina sy fitaovana maromaro, ahitana fanafody sy fitaovana ilaina amin'ny famonjena voina, hanalefahana ny fanaintainan' ireo tratry ny loza amin' ny ambulance, ireo no natolotry ny mpiara-miombon'antoka amin'ny mpamonjy voina etsy Tsaralalana dia ny ONG Manda Life, omaly maraina. Raha ny nambaran'ny lehiben'ny mpamonjy voina ny Commandant Ramanoara Francky dia santatra ihany izao fiarahamiasan'ny ONG Manda Life sy ny mpamonjy voinan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) izao, fa mbola hitohy ny fanomezana fitaovana toy izao hoy izy, araka ny nambaran'ny ONG Manda Life. Miezaka izahay hoy ity tompon'andraikitra voalohany ao amin'ny sampana mpamonjy voina eto Antananarivo renivohitra ity dia ny Commandant Ramanoara Francky mitady hatrany ireo mpiaramiombon'antoka, mba hahafahanay miasa satria sarotra ny asan'ny mpamonjy voina, indrindra miha-maro ny loza eto amin'ny tanàna, ao anatin'izany hoy izy no hahafahanay mampitombo ny traikefanay.

***Helisoa***





*Ireo fitaovana maromaro azon'ny mpamponjy voina etsy Tsaralalana.*

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy. Loza nitranga tao Mahamasina: miala andraikitra ny ekipan'i Rivo Rakotovao... sady tsy mahay manoratra. Zendana ny tena mamaky an'itony resaky ny mpitantana vaovao eto amin'ny Firenena: « NY FMF (FEDERATION MALAGASY DE FOOTBALL) NO TOMPON'ANDRAIKITRA TAMIN'NY ». (IZA anefa no hiedinedina voalohany eto raha sendra fandresena ireo ekipam-pirenenantsika ireo????). Na ilay PREMIER COMMUNIQUE DE PRESSE navoakan-dry zareo aza dia feno diso daholo ny zavatra nosoratany, na ny fomba fanoratra na ny votoatin'ny resaka naeliny... Efa nahitsin-dry zareo avy hatrany izany PREMIER COMMUNIQUE izany fa dia IN-DIMY nanova ry zareo vao nahatafavoaka filazana antsasaka pejy monja. Raha ny hita amin'ny sary miparitaka ety amin'ny FB fotsiny dia efa mihoatra ny IRAY (1) ny maty, ny vaovao ôfisialy anefa milaza isa hafa...

***Mandroso Randria***

***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

CAN 2019 any Cameroun

# Samy manana isa 4 ny Barea sy i Sénégal

Tontosa ny alahady teo tetsy amin'ny Kianjaben'i Mahamasina ny lalao baolina kitra, nihaonan'ny Barea an'i Madagasikara sy ny Lion de Téranga avy any Sénégal, lalao izay tafiditra amin'ny fifanintsanana amin'ny Can 2019 ho an'ny vondrona A, izay hatao any Cameroun ny dingan'ny famaranana. Amin'ny ankapobeny, nahafapo ny rehetra ny lalao na dia semban-drahona aza tamin'ny fikarakarana nohon'ny hamaroan'ny mpijery tonga, ka niteraka ireny loza sy namoizana aina ireny. Tsy nampoizin'ny maro hoe ny Barea no nahavita ady sahala 2 sy 2 amina ekipa goavana izay efa mpandray anjara amin'ny amboara eran-tany. Ny mpanazatran-dry zareo Sénégal, Aliou Cissé, aza moa dia niaiky mihitsy ny fahaizan'ny Malagasy ary nahita ny fiovan'ny baolina kitra malagasy. Hita ho samy sahirana ihany anefa ny roa tonta nohon'ny haratsian'ny kianja satria efa zatra ireny kianja manara-penitra any ivelany ireny avokoa. Marihina mantsy fa saika milalao any ivelany avokoa ny ankamaroan'ny mpilalao ao amin'ny ekipa roa tonta. Araka izany, samy manana isa 4 avy ny Barean'i Madagasikara sy ny Lion de Téranga avy any Sénégal satria dia samy nahazo fandresena iray avy ary iny nisaraka ady sahala teo Mahamasina iny. Mbola mitana ny laharana voalohany hatrany anefa i Sénégal ao amin'ny vondrona A, satria manana goal difference +4, faharoa kosa ny Barea, goal difference +3, ny Guinée Equatoriale no fahatelo, manana isa 3 satria taorian'ny fahareseny nanoloana ny Sénégal dia nahazo fandresena 1 no ho 0 izy ireo nanoloana an'i Soudan ny faran'ny herinandro teo, ary mazava ho azy ny Soudan no fahaefatra farany izay mbola tsy nahazo fandresena mihitsy, isa 0.

Vokatra ao amin'ny Vondrona A :
Soudan - Madagasikara : 1 – 3
Sénégal - Guinée Equatoriale : 3 – 0
Soudan - Guinée Equatoriale : 0 – 1
Madagasikara - Sénégal : 2 – 2

***Andriam***

Iray voasambotra

# Raikitra ny fifanjevoan'ny polisy sy ny jiolahy

Vao maraina dia efa nidina teny amin'ny zana-bohitr'i Tanambao ao anatin'ny fokontany Ambohimasina kaominina Ambatondrazaka renivohitra ny mpitandro filaminana avy amin'ny polisim-pirenena ny alahady teo, tokony ho tamin'ny 09 ora. Fantatra fa nisy ny loharanom-baovao azon'izy ireo tamin'ny olona tsara sitra-po izay nilaza fa misy toerana izay ivorian'ireo jiolahy ao amin'ity zanabohitra ity. Tsy nidilatra tokoa fa tao amin'ny efitrano fianarana iray tao amin'ny E.P.P no nisy ireo jiolahy izay niomana ny hanao fanafihana ao antampon-tanànan' Ambatondrazaka ny alin'io fotoana io. Nanaitra ny rehetra ihany no nahita fa any anaty efitrano fianarana indray no lasa toby fieren-jiolahy. Vao nahita ireo polisim-pirenena ireto jiolahy miisa efatra tao an-trano dia avy hatrany dia nitifitra. Raikitra araka izany ny fifanjevoana izay nisian'ny fifamaliana tifitra teo amin'ny roa tonta no sady efa nanomboka nanao tari-dositra ireo jiolahy. Fantatra fa voasambotra ny iray tamin'ireo efa-dahy saingy tafatsoaka kosa ny telo. Nampanano sarotra ny asan'ny polisy ny fitangoronan'ny mponina nipetraka teny amin'ny manodidina ka tsy nahafahan'ireo mpitandro filaminana nanao ny asany araka ny tokony ho izy. Nisy mihitsy aza ny renim-pianakaviana iray izay nihodina tany andamosin'ireo jiolahy, ka tsy nahafahan'ny polisy namaly tifitra intsony. Vokany, hain'ireo jiolahy ny nanararaotra izay fahasahiranan'ny mpitandro filaminana izay ka nahafahan'izy ireo nitsoaka nandositra. Mitohy ny fanadihadiana amin'izao fotoana izao ary nampanantena ny avy eny anivon'ny polisim-pirenena fa tsy maintsy tratra ireo mpanao ratsy ary tsy maintsy hapetraka ny tany anjakan'ny fandriampahalemana izay nanentanan'izy ireo hatrany ny vahoaka mba hiaraka hiasa, indrindra eo amin'ny fampitana vaovao sy ny tsy fanelingelenana rehefa misy ny asa ataon'ny mpitandro filaminana tahaka ireny.

***Raoul***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**8/09/18 hatramin'ny 15/09/18**

- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 020 22 240 64/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite à partir station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32
- **MAHASOA** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 622 50
- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
- **AICHA** (Près CENAM 67ha) 020 22 620 02

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 812-09-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**Boeny**

# Lova anisan'ny tsara indrindra ny fitaterana an-dranomasina

Tany Toliara ny faran' ny aogositra 2018 ny fankalazana nasionaly ny andro manerantany ho an'ny Ranomasina sy ny andro natokana ho an'ny tantsambo. Ny Zoma lasa teo kosa no fanamarihana izany tamin'ny fomba ofisialy ho an'ny faritra Boeny. Lahateny nifandimbiasana, fizarana amboara ho an'ireo nandresy tamin'ny lalao ara-pirahalahiana, fametrahana fehezam-boninkazo manoloana ny tsangambato fahatsiarovana ireo tantsambo namoy ny ainy teo am-perin' asa, ary fampirantiana mahakasika ny tontolo an-dranomasina: ireo no nanamarihana ny andro maneran-tany ho an'ny Ranomasina sy ny andro natokana ho an'ny tantsambo tao amin'ny Sekoly nasionaly fanofanana tantsambo any Mahajangana: ENEM, teny amin'ny Bord de la mer Mahajanga. "Lovantsika ny fitaterana an-dranomasinamba ho antoky ny ho avy tsara kokoa». « Fahatomombanan'ny fiain'ny tantsambo sy ny mpiasa an-tsambo. » Ireo fehezan-teny roa ireo no loha-hevitra nentina nanaitra ny sain'ireo rehetra izay tonga nanatrika ny fankalazana. Mizara roa mazava tsara, saingy mifameno ireo lohahevitra ireo. Ny zava-misy mantsy, na dia tsapa fa sarobidy ho antsika aza ny tontolon'ny ranomasina dia tsikaritra fa mbola maro ny zon' ireo tantsambo, indrindra ireo teratany Malagasy, no tsy voahaja. Nisy solontenan'ireo tantsambo nijoro vavolombelona, nanamafy ny zava-manjo azy ireo. Nangataka izy ny mba hijeren'ireo tompon'andraikitra mahefa azy ireo. Nanohina ny Lehiben'ny faritra Boeny, Saïd Ahamad Jaffar tokoa ny zava-misy iainan'ireo tantsambo Malagasy ka nanamafisany ny antson'ireto farany amin'ireo tompon' andraikitra isan-tsokajiny ny mba hijerena manokana ny zon'ireo tantsambo izay matetika voahitsakitsaka. Iankinan'ny harinkaren'ny faritra sy ny Nosy ary ny harinkaren'izao tontolo izao mihintsy ny tontolon'ny ranomasina. Ankehitriny, ny 70% ny fitaterana eto ambonin'ny tany dia an-dranomasina avokoa. Anisany mampiasa izany betsaka ny any amin'ny faritra Boeny na ara-barotra na fitaterana olona eto amin'ny Nosy sy iraisam-pirenena. Maro ny tombontsoa amin'ny fampiasana ny fitaterana an-dranomasina. Tsongaina amin' izany ny hamoran'ny sarany, ary tsy mifidy entana taterina. Tombony ankoatra izay dia noho ireo sambo tsy dia mamoaka loto manimba tontolo iainana firy.



*Ranomasina, ao anatin'ny toekarena manga na économie bleue, ho avin'ny toekaren'i Madagasikara.*

**Aly**

Maevatanana

# Mpitrandraka volamena 2 maty, 7 tsy nahatsiaro tena

Nitera-doza ny fitrandrahana volamena tany Maevatanana any amin'ny faritra Betsiboka omaly. Mpiasa mpitrandraka volamena volamena 2 lahy no indray maty, 7 hafa tsy nahatsiaro tena vokatry ny fampiasaàna moto pompe tao anaty fatana, na nampiasa moto pompe tao anaty lavaka itrandrahana volamena, tao amin'ny fokontany Ambalarano Kaominina Maevatanàna I, izany hoe amin'ny faritra tsy lavitra ny renivohitry ny farit'i Betsiboka no nitrangan'izao loza izao. Anisan'ny faritra be volamena eto Madagasikara koa ny distrikan'i Maevatanana, maro ireo mkitrandraka izany any an-toerana, na ireo mponina any an-toerana, na ny mpihavy ihany koa avy amin'ny lafy valon'i Madagasikara. Sendra ny tsy nampoizina ireto mpitrandraka ireto, nahatonga izao loza nitranga tamin'ny toeram-pitrandrahana izao.

***Ny Valosoa***




*Toy izao no fomba fitrandrahana volamena.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 251**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana


Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0250)

| Mitsivalana | | Mitsangana | |
|---|---|---|---|
| - Vahiny<br>- Omena – Ar<br>- To – Osy<br>- Lasany | - Adinonay<br>- Vakana<br>- Osa – Telo (Miv) | - Voalavo<br>- Ma (Miv) – Sada (Miv)<br>- Hetsika | - Inoana<br>- Na – Nono<br>- Lanio (Miv)<br>- As<br>- Tsiiriy (Miv) |

**TENY MIFANAPAKA** **N° 251**



**Mitsivalana**

**1.** Hiseho **2.** Romana – Tampisaka **3.** Andosirana **4.** Nanapaka – Mikoriana ao anaty **5.** Voankazo (Miv) **6.** Tampisaka (Miv) – Entana sy vola fanaovana toky **7.** Gia – Todika (Miv) **8.** Heno – Metaly (Miv) – Mpisolo tena (Miv) **9.** Saribao – Nizararoa (BL) **10.** Ilainay (Miv) – Zanaky i Raneny

**Mitsangana**

**A.** Endrika amam-bika – Ala, esotra **B.** Naoty – Asa maizina **D.** Fonenany – Fanitarana **E.** Fanafody – Hery sy tanjaka **F.** Alina – Ao amin'ny ratra sy fery **G.** Nandeha mora, nilamina **H.** Nitango zava-maniry **I.** Vizana – Tany mena **J.** Fitaovana fianarana **K.** Havoana sy tanimbary

### Valiny Teny mifanaraka 0250

**Mitsivalana**

1 Mpanakanto 2. Fo 3. Tapaka - Nao 4. Ady - Antsy (Miv) 5. Fievanao 6. Ny (Miv) - Soa 7. Alahasaty 8. RR - Do - Tia 9. Nenina 10. Maa - Ondana

**Mitsangana**

A. Nitafy - RNM B. Adinareo D. Ampio -Na E. Voady F. Koa (Miv) - Hono G. Aingo - AN H. Fo (Miv) - Sa - ST I. Tontosaina J. An(atra) - Ota K. Vooray - Ba

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny filoha Ravalomanana mivady nitsidika ireo marary tao amin'ny HJRA.










Ny filoha Ravalomanana nanatrika ny fivoriambe faharoa ny synodam-paritany Atsinanana Ankaratra Fahazavana, Ambatolampy.





Fanokafana ny «cours» faradoboka maimaimpoana nokarakarain'ny Boriborintany faha-5.



